FSP PARRUR - PArtenariat et Recherche dans le secteur RURal



# HERPESVIROSE CARPE KOÏ NA KHV SY NY KARPA ETO MADAGASIKARA:

## NY TOKONY HO FANTATRA

Coopération franco-malgache

Fonds Solidarité Prioritaire PARRUR

PArtenariat et Recherche en milieu RURal



## NY KARPA ETO MADAGASIKARA


- ✓ Nampidirina teto Madagasikara tamin'ny taona 1914 ny karpa ary ankehitriny dia izy no karazan-trondro be mpiompy indrindra
- ✓ Ompiana eny amin'ny dobo na eny an-tanimbary
- ✓ 3400 taonina isan-taona no vokatra azo avy amin'ny fiompiana trondro an-dranomamy ka karpa sy tilapia no tena betsaka amin'izany
- ✓ Feno azy koa ireo renirano sy farihy manerana ny nosy
- ✓ Taona vitsivitsy izao dia mitombo ny fitiavan'ny olona ireo trondro ompiana mba ho fanaingoana trano, indrindra fa ny karazana karpa antsoina hoe koï

## HERPESVIROSEN'NY KARPA NA KHV

- ✓ Areti-mifindra izay niainga tany amin'ny karpa koï fa efa mahavoa ny karpa rehetra ankehitriny
- ✓ Mety mahatratra 95% ny taham-pahafatesana ary betsaka ny fatiantoka aterany
- ✓ Aretina miparitaka amin'ny firenena maro toy ny Asia, Amerika avaratra, Eoropa ary Afrika Atsimo

## NY FITRANGAN'NY ARETINA

- ✓ Ny sofiny : misy tasy pentina fotsy sy mena, manopy mena sy mandeha rà, miofaka na simba
- ✓ Malemilemy ny trondro
- ✓ Tsy misakafo
- ✓ Milentika ny masony (énophtalmie)




(Fiavinan'ny sary: Gotesman et al, 2013. CyHV-3: the third cyprinid herpesvirus. Dis Aqua Org 105: 163-174)



## NY MOMBA AN'IO ARETINA KHV IO ETO MADAGASIKARA

- ✓ Nisy fikarohana sy fitiliana ny KHV tamin'ny faritra efatra anisan'ny mpiompy karpa be indrindra eto Madagasikara : Itasy, Analamanga, Matsiatra Ambony ary Vakinankaratra
- ✓ Karpa 110 isa no nalaina ka nanaovana fitiliana hiaka farany antsoina hoe « biologie moléculaire na RT-PCR » tao amin'ny FOFIFA
- ✓ Betsaka ny fifanakalozana trondro eto madagasikara ary izany dia mora mampiparitaka aretina
- ✓ Tsy nisy na iray aza anefa nahitana otrik'aretina KHV ireo karpa notiliana
- ✓ Azo eritreretina izany fa tsy mbola misy eto Madagasikara ny aretina KHV

## TOROMARIKA AZO TSOAHINA HO AN'NY MADAGASIKARA



- ✓ Amafisina ny fepetra ara-pahasalamana momba ny fampidirana karpa eto Madagasikara ary ahena arak'izay tratra ny fanafarana karpa avy any ivelany, na ho an'ny fiompiana izany na ho an'ny fahafinaretana (fiompiana fanaingoana an-trano)
- ✓ Ny fanatsarana ny ny fitantanana ny karazana karpa efa misy eto an-toerana no lalana entina hanatsarana ny vokatra fa tsy fanafarana karpa avy any ivelany.
- ✓ Amafisina ny fepetra eny amin'ny sisin-tany sy ny seranam-piaramanidina mba tsy hisy ny fampidirana an-tsokosoko ireo karpa koï izay fiompy an-trano
- ✓ Mila manara-maso ny toe-pahasalaman'ny karpa ireo mpisehatra rehetra mba ahitàna haingana raha sanatria tafiditra ny tafiditra eto Madagasikara ny KHV
- ✓ Ireo rehetra ireo dia tafiditra ao anatin'ny fepetra fisorohana izay tokony iarahan'ny tompon'andraikim-panjakana sy ireo mpisehatra misalahy mba hiarovana ny fiompiana karpa eto Madagasikara

Mpanatotonsa : Ravakarivelo N.M., Maminiaina O.F., Raeliarijaona G.M., Tchuidjang Meheloune J., Rakotomanana O.D., Raliniaina M., Rasamoelina Andriamanivo H.